FAHASALAMANA

Hasiam-panavaozana ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana (HOMI)

Nihaona tamin'ireo mpitsabo miaramila afak'omaly ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny jeneraly Richard Rakotonirina, ka nilaza fa hisy ny fanavaozana ny hopitaly miaramila Soavinandriana (HOMI), mba ho fakan-tahaka aty amin' ny Ranomasimbe Indianina. Ny tanjona dia ny hananana foto-drafitrasa manarapenitra, ka tsy voatery hitsabo tena any ivelany intsony ny Malagasy. Nampahafantarina nandritra ity fitsidihan'ny Minisitra ity ny politika ankapoben'ny fanjakana amin'ny fampandriana fahalemana sy fanakaikezana ny vahoaka, mba ho fanatsarana ny fahasalamana amin'ny ankapobeny ary ny fandraisan'ny Tafika Malagasy anjara amin'ny fanatsarana ny fahasalam-bahoaka amin'ny alalan'ny ZRPS, na ireo toerana misy ny rafitry ny tafika mampandry fahalemana.

Stefa

Ireo dokotera miaramila eny amin'ny Hopitaly HOMI.

Eric Fou Hehy

Tafaverina soa aman-tsara an-tanindrazana rehefa avy nitsabo tena tany ivelany

Tafaverina soa aman-tsara an-tanindrazana i Eric Fou Hehy rehefa avy nitsabo tena nandritra ny fotoana maromaro tany ivelany, tany Inde. Noho ny tolo-tanana sy fanampiana samihafa avy amin' ny malala-tanana, ny mpanakanto namany, ny sokajin'olona samihafa,… no nahafahany nitsabo tena tany ivelany, ka dia izao izy sitrana soa aman-tsara izao. Aretin'ny voa no nahazo azy, manana manam-pahaizana ny amin'izany ny any Inde, ka nahatontosa ny fitsaboana azy izao. Mpanao fandaharana tao amin'ny radio RDJ izy isa-maraina taloha, ary niverina nanatanteraka izany indray izy omaly niaraka tamin'ny namany dia ry Ony Rambelo, Gothlieb, Honorat, ary Rainibozy. Anisan'ny nambarany tamin'izany:« indro aho, tonga aho ary tonga soa amantsara, salama vatana, salama saina», hoy i Eric Fou Hehy, tao amin'ny fandaharana Rivotra (Rdj FM 96.6 Mhz). «imbalo maty aho» hoy izy nandritra ny fandaharana mahakasika ireo "fanirian-ko faty maro" nataon'ny olona sasany azy... "Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitantanany Masina dia tonga soa aman-tsara eto an-tanindrazana izaho, ho Azy irery ny dera sy laza ary ny voninahitra mandrakizay, Amen !", hoy ihany i Eric.

Eric Fou Hehy (afovoany).

Ny Valosoa

Famelabelaran-kevitra

Kristiana manova firenena

Ny Zoma 15 Novambra ho avy izao no hifarana ny fanofanana miendrika famelabelaran-kevitra ataon'ilay teratany amerikana vehivavy, Landa Cope, eto amintsika. Miompana amin'ireo sehatra manan-danja eo amin'ny fiarahamonina na « sphères d'influences » ny famelabelaran-kevitra ataony.

Maro ny olana miseho eo amin'ireo sehatra samihafa eto amin'ny firenena. Ara-toekarena, mahantra ny ankamaroan'ny Malagasy. Laharana faha-4 alohan'ny farany no misy antsika, anisan'ireo firenena mahantra indrindra eran-tany i Madagasikara. Eo am-pelantanan'ny vahiny ny ankamaroan'ny orinasa lehibe eto amin'ny firenena… Ara-tsosialy, mivelatra tsikelikely ny toetsaina manohitra an'Andriamanitra: fanalan-jaza, fisaraham-panambadiana, mikorosy fahana ny lafiny fanabeazana; manjaka ny tsy fandriampahalemana. Mizarazara ny kristiana ka miparitaka ny hery hanoherana ny asan' ny fahavalo (ny devoly). Ara-kolontsaina: mahazo laka ny fanahin'izao tontolo izao, izay mitarika any amin'ny fijangajangana, fitiavam-bola, filibana, fitiavan-tena… Arapolitika: tsy misy ny tena fikatsahana ny fampandrosoana ny firenena, na ny fizarana mitovy ny harem-pirenena sy ny tombontsoa iombonana; fa nifantoka tamin'ny fitadiavan-tseza sy ny fifikirana eo amin'ny fitondrana ary ny tombontsoa manokana.

Tonga ny fotoanan'Andriamanitra hampitambaran'ny kristiana ny heriny, miaraka amin'ny fomba fijery, fomba fisaina, fomba fanao ary paik'ady vaovao izay sady hitondra ny Fanjakan'Andriamanitra eto Madagasikara no hanampy amin'ny famahana ireo olana marobe izay misy eto amin'ny firenena. Mba hahatanteraka izany dia mila fampitaovana ny kristiana (renforcement de capacities), mba hananany fahaiza-manao sy fahefana hitondra fanovana any amin'ny sehatra rehetra, izay misy azy. Mamaly izany filana izany indrindra ny fanofanana hoentin'i Landa Cope mahakasika ireo sehatra manan-danja voalaza etsy ambony.

Anisan'ny vokatra andrasana ny hisian'ny rindrandamina hahafahana manova tanteraka ny firenena amin'ny alalan'ny fanaovana ho mpianatr'i Kristy an'i Madagasikara.

Ny alatsinainy 4 Novambra no nanomboka ny fanofanana teny amin'ny Cap 3000 Andraharo, isan' andro dia ireo sehatra samihafa : fivavahana, serasera sy zavakanto ary fialam-boly, sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana, fitondram-panjakana, fiharian-karena, siansa sy teknolojia (teny amin'ny Oniversite Ankatso ho an'ny mpianatra) hatao ny alakamisy 14 Novambra, ary momba ny fanabeazana sy fianakaviana ny hamarana azy ny zoma izao eny amin'ny Cap 3000 Andraharo.

Marihina fa ny Hetsika Fampiraisana Kristiana ho an' ny Firenena (HFKF) sy ny Jeunesse En Mission Palais de Louange ary ny Formation au Développement d'Entreprises, no mpanomana izao famelabelarankevitra izao. Ny Zoma 16 Novambra no hiala eto Madagasikara i Landa Cope ary firenena 110 no efa nitondrany ny traikefany sy efa nahazo tombontsoa tamin'ny fampianarany.

Aris

Fianakaviana banky ropotra

Avotry ny « Jus spécial » tao anatin'ny iray volana

Very hevitra, lany vola, banky ropotra tanteraka, sns … Ireo no nitranga tamin'ity fianakaviana ity. Tao anatin'ny telo taona mantsy dia nalemy ilay rangahy ary nanomboka tsy nahavita asa intsony . Tsy vitan'izany, fa mifangaro aretina tsy fantatra izany ihany koa. Efa nitety mpitsabo, dokotera, sns… fa tsy nety sitrana fa vao mainka aza nihombo ny aretina. Lany ny vola, namidy ny omby ary efa saika niafara tamin'ny trano mihitsy aza. Teo vao nisy olona nanoro azy mianakavy hoe mandehana ihany aloha miala nenina eny Mandrosoa Ivato fa misy mpitsabo antsoina hoe Jessica **033 87 395 41** izay eny ary maro ireo olona efa sitrany tao anatin'ny taona maro . Ny ampitso tokoa dia tonga teny aminy ity fianakaviana ity. « Jus spécial » izay fotsiny no nampisotroin' ity mpitsabo ity azy dia notroriny ny vatany manontolo ary nasainy nody avy eo. Nilaza ity vadiny fa taorian'ny fisotroany ilay « Jus » fotsiny hono , dia efa niova izy fa tsy toy ny teo aloha. Niverina izy afaka herinandro dia efa nahatsangana sahady ary in-telo niverina teny aminy fotsiny dia sitrana . Resy lahatra tanteraka ity fianakaviana ity, fa raha tonga dia nanatona teny fa tsy nitety tetsy sy teroa dia sady tsy lany vola no tsy banky ropotra toy izao . Izy indray aza no nanentana ireo olona manana aretina toy izany, mba hanatona eny fa sitrana soa amantsara.

Namana

METM Ambodin'Isotry

Hitokana ny « carreaux » sy « dallages » amin'ny 24 Novambra

Vita soamantsara ny « Carreaux » sy ny « dallages » ny METM Tabernakely Fifaliana Ambodin'Isotry eto Antananarivo ankehitriny . Hotokanana ny 24 Novambre 2019 ho avy izao izy ireo , sady fetin'ny taranaka rahateo ihany koa. Hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny fanompoam-pivavahana amin'izany, izay hanasan' izy ireo ny taranaky ny fiangonana mielim-patrana manerana an'i Madagasikara sy any ampitan-dranomasina ihany koa. Ankoatry ny fitokanana ny « carreaux » sy ny « dallages », hatsaraina ihany koa ny fanamafisam-peo ao anatiny eo anivon'ny fiangonana. Ezaky ny mpino kristianina manaraka ny fananganana tilikambo vaovao, ka izany indrindra no antony hihaonan'ny taranaky ny Metm Tabernakely Fifaliana Ambodin'Isotry ny 24 Novambra 2019 ho avy izao io.

Rajo

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ifampizarana amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao vaovao manaraka izao. Nisy ny fanambarana avy tao amin'ny ONU, afa-baraka tanteraka ny fitondràna eto Madagasikara, miboridana tanteraka, tsy misy lanjany intsony... Voambara fa firenena invivable na tsy azo iainana, droit de l'homme quasi-inexistant na heverina ho tsy misy fanajana ny zon'olombelona eto amintsika, tsy fanajàna ny hoe tena cybercriminalité, ny sosialim-bahoaka, tsy fanajàna ny zon'ny voafonja, tsy fanajàna ny zon'ny olona samborina, tsy fanajàna ny ain'ny olona, famonoana olona tsy ara-drariny ataon'ny mpitandro filaminana, fanjakan'ny kolikoly, tsy fisian'ny fitondràna mangarahara, fanjakan'ny akamakama @ sehatra rehetra, tsy fisian'ny fivoaran'ny ekônomia, fanjakan'ny fanavakavahana, maro dia maro, fa miangavy izay liana mba hijery ny site namoahan'ny organisation des nations unis (ONU) azy , fa maro indray ireo nylon, no hiteny, fa tsy marina ireo, ary tsy mahita izany ONU izany ! eissssy é.....

Jaotianasoa Andrianoro
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao